## Fitondran-dRajoelina
# Misy sahady ny endrika fanilihana sy fanavakavahana 2


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Alakamisy 31 janoary 2019 Laharana 868 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Fitsidihan'ny Papa François 3**
## Ho an'ny Malagasy rehetra fa tsy ho an'ny katolika ihany

**Pipeline any Androy 3**
# Lasa alohan'ny omby ny sarety



**Nandalo Ramaka 6**
# May ny tanàn' Amboasary Atsimo



**CUA, PREFEKTIORA, POLISY NASIONALY 2**
## Ireo fepetra ho raisina momba ny famahana ny olan'ny fifamoivoizana



**Mbola tsy hita i Andotiana 6**
## Ho any Frantsa ny dadany hijery ny tohin'ny fikarohana

**Rakotomamonjy Philippe 7**
## Ataovy malalaka ny fitrandrahana volamena

**Haino Aman-Jery FLM Ambatovinaky 2**
## Hetsika maro no hankalaza ny faha 20 taonany

**Daka kely**
Ialahy lesy ry Boaikely manao kaositara be nefa ny mponina any atsimo fadiranovana a !

**CUA sy FIMPIDERA 7**
## Matotra ny fiaraha-miasan'ny delegen'ny mpivarotra sy ny Kaominina



## Ny Valosoa sy hadihady

# Pipeline any Androy, lasa alohan'ny omby ny sarety

Manomboka mitety faritra ny filohan'ny Repoblika IV vaovao, Andry Rajoelina, ka ny any Atsimon'ny Nosy no nanombohany izany. Iaraha-mahalala fa tany amin'iny Faritra Androy iny, araka ny valim-pifidianana ofisialy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, no anisan'ny nahazoany vato ambony noho ny zato isan-jato. Mahafantatra ny fahorian'ny mponina any koa ny ankamaroan'ny Malagasy momba ny fijaliany amin'ny rano satria "tany milevin-drano" iny faritra iny araka ny filazan'ny mponina any. Fanapahankevitra politika goavana no noraisin'ny filohan'ny Repoblika iny raha hanomboka amin'ny volana Aprily ho avy izao no hanomboka hapetraka ny fantsona lehibe (pipe line) hitarihana rano. Voarakitra ao anatin'ny IEM, angamba, ny lafiny teknika sy tetibola entina hanatanterahana ity tetikasa ity. Angamba koa efa misy fitaovana sy mpamatsy vola ary mpandraharaha nanome toky an-dRajoelina Andry fa hatomboka ato anatin'ny telo volana ny asa. Mety hivadika zava-misy azo tsapain-tànana sy hita maso tokoa, angamba, ny nofinofy satria mandroso ny sarety eo alohan'ny omby ihany ny filohan'ny rafitra mpanatanteraka ity satria renirano na loharano avy aiza no halefa mikoriana na ho sintonina ao anatin'izany fantsona lehibe izany. Mampahatsiahy ny vary mora sy ny menaka mora nanomezany toky tamin'ny 2009 izao ka ny vary iray kilao dimanjato ariary lasa iray kapoaka sisa. Tsy adino koa ny "dahalo niova fo" tamin'ny tetezamita izay vao mainka nampirongatra ny asan'ny malaso izay niampy fangalana takalon'aina. Mbola miverina ao an-tsaina koa ny fanafoanana ny delestazy tao anatin'ny telo volana nataon'ny filohan'ny Repoblika IV voalohany. Faly tokoa ny mponina tsy mahalala izay pitsopitsony ara-teknika momba izany fametrahana fantsona lehibe izany kanefa hitarika fahadisoam-panantenana ho azy indray ity tetikasa ity raha tsy tanteraka. Mbola afaka dimy taona vao hisy indray ny fifidianana filoham-pirenena saingy efa akaiky kosa ny fifidianana depiote ka tsy ho gaga ny mpanao "velirano" raha ity resaka "rano" ity no hampitsimbadika ny tantara raha tsy efa tsara petrapetraka indray ny rafitra sy ny tetika maloto hanagalaram-bato sy hanodinkodinana ny safidim-bahoaka toy izay nisy tamin'ny fifidianana farany teo. Tokony ho ao an-tsaina mandrakariva anefa fa tsy misy olombelona manana ny rariny handefitra in-droa izany ary ny vahoaka tsy ho voafitaka intsony raha efa azo natao izany na dia lazaina fa mora manadino aza. Ny soa atao no tsy tsaroana amin'ny ankapobeny fa raha naharary izay natao dia tsy ho levona ao am-po izany. Laharampamehana nampanantenain'ny Filohan'ny Repoblika tany Atsimo koa ny famatsiambary. Angamba tsy amin'ny alàlan'ny fanafarana vary izany satria araka ny nambarany tamin'ny kabariny farany dia ho sompitra hamatsy ireo firenena manodidina ity foto-tsakafon'ny Malagasy ity i Madagasikara. Raha ny zava-misy dia faritra iray mahantra indrindra ny any Atsimo ary ny fiompiana sy fambolena no foto-piveloman'ny mponina, ka angamba, tsy ho sahirana ara-tsakafo tokoa izy ireo raha tonga ny rano ary ho foana ny asan-dahalo rehefa manana "puce" ny omby tsirairay ary hisidina hanara-dia ny angidim-by sy ny "drone". Tsy ny làlam-pirenena faha-13 ihany no mampikaikaika ny mpitatitra fa eo koa ny làlam-pirenena faha-10, ka tsy izay mitondra ny laharana tamin'ny fifidianana no mamaritra ny tsy maintsy hatao na tsia satria samy famoaham-bokatra mankany amin'ny faritra hafa ireo làlam-pirenena roa ireo, ka tsy tokony hisy tombo sy hala. Marina ny fitenen'ny Ntaolo hoe: "ny zavatra tsy hay, tsy azo hibitabitahana" sy ny hoe: ny zavatra tsy hay maha be lelo", ka raha misy sehatra manavanana sy hanana traikefa bebe kokoa ny mpitondra voarakitra ao anatin'ny IEM dia any mihazakazaka satria ny hain'ny mpisikina, hono, tsy hain'ny mpisampina.

***Andry Tsiavalona***

Antoko TIM

## Vonona hiatrika ny fifidianana samihafa

Omaly, nandritry ny fanombohana ny fivoriana tsy ara-potoana teny anivon'ny Antenimieram-pirenena Tsimbazaza, no fantatra fa vonona hiatrika izay fifidianana samihafa hotanterahina eto amintsika amin'ity taona ity ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Na fifidianana solombavambahoaka, na fifidianana ben'ny tanàna dia manana kandida mpifaninana ny antoko Tim raha ny vaovao voaray tamin'izy ireo. Anisan'ny fangatahan'ny maro an' isa, indrindra fa ny mpikambana fototra kosa anefa ny fijerena izay tena olona maharesy lahatra sy vonona ho solombavambahoaoka tokoa, fa tsy toy ireo solombavambahoaka sasany tsy hita na dia indray mandeha monja aza, ka nihaona sy nitondra tatitra tamin'ireo vahoaka nifidy azy tsirairay avy. Aleo hiainga eny ifotony ny fifidianana izay ho kandida hoy izy ireo, ka izay indrindra no mahatonga ny famenoana lisitra miainga isaky ny kaominina, manendry izay olona heverin'izy ireo fa ho kandida tohanana amin'ny fifidianana samihafa. Mbola adihevitra koa anefa ny hoe ankatoavin'ny filoha mpanorina ve anefa izay lanin'ny mpikambana ifotony amin'izay resaka fifidianana izay? Mbola baraingo aloha io nefa raha tena fampandrosoana sy tsangan'olona dia izay lanin'ny fototra no tokony hotanterahina eto amintsika, mba hialàna amin'ireny lesoka samihafa teto amintsika ireny, ka naharesy ny antokoTim tamin'ny fifidianana sasany.

***Rajo***

Fiainam-pirenena

## Aoka tsy hidehaka amin'ny asa efa nisy nanomboka

Nitety faritra vitsivitsy andro vitsy lasa ny filohan'ny Repoblika sy ny mpiara-miasa aminy. Anisan'izany ny tany amin' ny faritra atsimon'ny Nosy iny. Tao anatin' izany no nanambarany fa hisy ny fametrahana ilay fantsona lehibe "pipeline"hapetraka sy hampiasaina, sy lavadrano miisa 100 hoentina hamatsiana rano ny mponina any amin'iny faritra sahiran-dava amin'ny rano iny. Raha atao jery maika dia toy ny vonona hiasa ny fitondrana vaovao mijoro satria nambara fa maika ny famahana olana amin'ny fijaliam-bahoaka indrindra any amin'ny faritra atsimo amin'ny lafiny rano. Mety ho marina ihany izany angamba, kanefa misy zavatra tokony ho resahina ihany mba tsy isian'ny famitaham-bahoaka. Raha ny resaka famatsian-drano any atsimo dia efa miara-miasa akaiky amin'ny japone sy ny sinoa isika ary efa nanomboka tany amin'ny taona 2017 izany. Izany hoe tao anaty fitondran-dRajaonarimampianina no nanombohana ny fiaraha-miasa momba izany, na teo amin'ny fandavahana lavadrano "forrage" na teo amin'ny fanatanterahana tetikasa hametrahana io fantson-drano lehibe sady lava io, izay mahatratra hatrany amin'ny 225 km. Ny fahitalavitra tsy miankina iray dia nanabaribary mazava izany ny talata lasa teo. Raha ny tena izy izany, dia tsy ny fitondrana Rajoelina izao akory no manao vava asa mamaky lay ho amin'ny fanatanterahana ny famatsian-drano any atsimo, fa karazany manohy ny asa fotsiny ihany izy. Ary tokony hambarany mazava izany, fa misy fitohizam-pitantanam-panjakana na "continuité de l'Etat". Ka aoka tsy hidehaka ho miasa sy mahavita raha tsy milaza fa efa nisy teo aloha nanomboka ny asa. Ny tsy filazana izany dia miendrika ho famitaham-bahoaka ihany. Aoka hiaiky amin'izay asa efa tohizana sy mba hihevitra amin'izay fa nanao asa ny teo aloha. Aoka hotsaroana mandrakariva ny teny natao teny Mahamasina ny amin'ny hoe "Aoka izay ny fanaratsiana sy fankahalana…".

***Sôh'son***

## NY TENY FIAINANA



*Ary hoy Jesosy taminy: noho ny fahakelezan'ny finoanareo ihany; fa lazaiko aminareo marina tokoa: raha manana finoana hoatra ny voan-tsinapy iray aza hianareo ka hiteny amin'io tendrombohitra io hoe: mifindrà ery, dia hifindra izy; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao.*

***Matio 17:20***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fitsidihan'ny Papa François, ho an'ny Malagasy rehetra fa tsy ho an'ny katolika ihany



**Antoine Ramisarisoa :** ny volana septambra izao no hitsidika an'i Madagasikara ny Papa François araka ny fanamafisana voaray. Antananarivo sy Toamasina ary Morondava no faritra telo ho tsidihany raha tsy misy ny fiovana. Io fitsidihana io dia tsy ho an'ny katolika ihany fa ho an'ny Malagasy rehetra mihitsy. Anisan'ny niasa ho amin'izany Mompera Pedro.

**Laurence Rakotomamonjy :** i Pedro aloha efa manana ny lasany koa eee,… tôy ny rehetra rehetra aoka hitandrina… merci.

**Ravo Tsarandro :** raharahan'ny katolika zany.

**Noëline Razafintseheno :** mankasitraka ny fahatongavanao izahay ry Papa François, olon' Andriamanitra feno fanetretena sy be fitiavana. Ny fahatongavanao hitsidika anay anie mba hitondra rivo-baovao ho an'ny firenenay.

**Za Rery No'iharantsoa Andrianina :** tsy dia ilaiko loatra… Mitovy amin'izay vazah te hitsidika rehetra izy. Ny zavadehibe zao dia raovina no hitsidika eto Madagasikara Andriamanitra!!

**Mall's La Mpivahiny :** tsy de ilaina sady tsy mahasoa ny firenena .... Andriamanitra no ilaina hamangy sy hanasitrana ary hanafaka an'i Madagasikara !.JESOSY irery ihany koa no MASIÑA. Ny fandalovan'ny Papa dia mampionganana mpitondra avy eo. Toy izany no nitranga tamin'ny andron-dRatsiraka, taona vitsy avy nandalovan'ny Papa Joany Paoly faha-2, nidaraboka ny fitondran'ny Amiraly.

**Jayoun Rakotonanahary :** tsy katôlika aho fa reharehako kosa ny ho fandalovany eto! Tantara mipetraka io.

**Herilalasoa Randriantsoa :** reharehan'i Madagasikara ary tantara mipetraka ny fitsidihana ataon'i Papa FRANCOIS @ty taona 2019 ity. Hafaliana sy Haravoana goavana hoantsika mpino KATOLIKA io fotoana lehibe @ finoantsika io e! Ary tsy ny katolika ihany fa ho an'ny Malagasy rehetra mihitsy ny ho fandalovany.

## TONONKALO

### LOZA SY ANTAMBO !

Mibosesika ny loza,
Mifandimby koa ny antambo.
Valalanina ny foza
Fa niseho ho matin-kambo!

Etsy, mihotsaka ny tany.
Atsy indray toa tondra-drano.
Toa tsy hita be ihany
Fa misesy ity ny angano!

Nisy ny nanota fady
Sa koa nisy ny namalana,
Fa toa maizina sahady
Nefa vao antsasa-dalana ?

Tsisy andro mba mazava,
Fa toa maloka tanteraka.
Mihevera ry mpandrava
Fa tsy ho ela ianao dia reraka!

***DADAN'i ZINA (29-01-19)***

# 2019

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)



| | Janoary | Febroary | Marsa | Avrily | Mey | Jona |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | Tal Taombaovao | Zom | Zom | Alt | Alr Fetin'ny asa | Asb |
| 2 | Alr | Asb | Asb | Tal | Alk | Alh |
| 3 | Alk | Alh | Alh | Alr | Zom | Alt |
| 4 | Zom | Alt | Alt | Alk | Asb | Tal |
| 5 | Asb | Tal | Tal | Zom | Alh | Alr |
| 6 | Alh | Alr | Alr | Asb | Alt | Alk |
| 7 | Alt | Alk | Alk | Alh | Tal | Zom |
| 8 | Tal | Zom | Zom Andron'ny vehivavy | Alt | Alr | Asb |
| 9 | Alr | Asb | Asb | Tal | Alk | Alh Pentekôsta |
| 10 | Alk | Alh | Alh | Alr | Zom | Alt Alt. Pentekôsta |
| 11 | Zom | Alt | Alt | Alk | Asb | Tal |
| 12 | Asb | Tal | Tal | Zom | Alh | Alr |
| 13 | Alh | Alr | Alr | Asb | Alt | Alk |
| 14 | Alt | Alk | Alk | Alh | Tal | Zom |
| 15 | Tal | Zom | Zom | Alt | Alr | Asb |
| 16 | Alr | Asb | Asb | Tal | Alk | Alh Fetin'ny Ray |
| 17 | Alk | Alh | Alh | Alr | Zom | Alt |
| 18 | Zom | Alt | Alt | Alk | Asb | Tal |
| 19 | Asb | Tal | Tal | Zom | Alh | Alr |
| 20 | Alh | Alr | Alr | Asb | Alt | Alk |
| 21 | Alt | Alk | Alk | Alh Paska | Tal | Zom |
| 22 | Tal | Zom | Zom | Alt Alt. Paska | Alr | Asb |
| 23 | Alr | Asb | Asb | Tal | Alk | Alh |
| 24 | Alk | Alh | Alh | Alr | Zom | Alt |
| 25 | Zom | Alt | Alt | Alk | Asb | Tal |
| 26 | Asb | Tal | Tal | Zom | Alh Fetin'ny Reny | Alr Fetim-pirenena |
| 27 | Alh | Alr | Alr | Asb | Alt | Alk |
| 28 | Alt | Alk | Alk | Alh | Tal | Zom |
| 29 | Tal | | Zom Fahatsiarovana 1947 | Alt | Alr | Asb |
| 30 | Alr | | Asb | Tal | Alk Ascension | Alh |
| 31 | Alk | | Alh | | Zom | |



Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary taona feno fahasalamana sy fahombiazana ho antsika rehetra



# 2019 NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)



| Jolay | | Aogositra | | Septambra | | Oktobra | | Novambra | | Desambra | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | Alt | 1 | Alk | 1 | Alh | 1 | Tal | 1 | Zom Fah. Olo-masina | 1 | Alh |
| 2 | Tal | 2 | Zom | 2 | Alt | 2 | Alr | 2 | Asb | 2 | Alt |
| 3 | Alr | 3 | Asb | 3 | Tal | 3 | Alk | 3 | Alh | 3 | Tal |
| 4 | Alk | 4 | Alh | 4 | Alr | 4 | Zom | 4 | Alt | 4 | Alr |
| 5 | Zom | 5 | Alt | 5 | Alk | 5 | Asb | 5 | Tal | 5 | Alk |
| 6 | Asb | 6 | Tal | 6 | Zom | 6 | Alh | 6 | Alr | 6 | Zom |
| 7 | Alh | 7 | Alr | 7 | Asb | 7 | Alt | 7 | Alk | 7 | Asb |
| 8 | Alt | 8 | Alk | 8 | Alh | 8 | Tal | 8 | Zom | 8 | Alh |
| 9 | Tal | 9 | Zom | 9 | Alt | 9 | Alr | 9 | Asb | 9 | Alt |
| 10 | Alr | 10 | Asb | 10 | Tal | 10 | Alk | 10 | Alh | 10 | Tal |
| 11 | Alk | 11 | Alh | 11 | Alr | 11 | Zom | 11 | Alt | 11 | Alr |
| 12 | Zom | 12 | Alt | 12 | Alk | 12 | Asb | 12 | Tal | 12 | Alk |
| 13 | Asb | 13 | Tal | 13 | Zom | 13 | Alh | 13 | Alr | 13 | Zom |
| 14 | Alh | 14 | Alr | 14 | Asb | 14 | Alt | 14 | Alk | 14 | Asb |
| 15 | Alt | 15 | Alk Assomption | 15 | Alh | 15 | Tal | 15 | Zom | 15 | Alh |
| 16 | Tal | 16 | Zom | 16 | Alt | 16 | Alr | 16 | Asb | 16 | Alt |
| 17 | Alr | 17 | Asb | 17 | Tal | 17 | Alk | 17 | Alh | 17 | Tal |
| 18 | Alk | 18 | Alh | 18 | Alr | 18 | Zom | 18 | Alt | 18 | Alr |
| 19 | Zom | 19 | Alt | 19 | Alk | 19 | Asb | 19 | Tal | 19 | Alk |
| 20 | Asb | 20 | Tal | 20 | Zom | 20 | Alh | 20 | Alr | 20 | Zom |
| 21 | Alh | 21 | Alr | 21 | Asb | 21 | Alt | 21 | Alk | 21 | Asb |
| 22 | Alt | 22 | Alk | 22 | Alh | 22 | Tal | 22 | Zom | 22 | Alh |
| 23 | Tal | 23 | Zom | 23 | Alt | 23 | Alr | 23 | Asb | 23 | Alt |
| 24 | Alr | 24 | Asb | 24 | Tal | 24 | Alk | 24 | Alh | 24 | Tal |
| 25 | Alk | 25 | Alh | 25 | Alr | 25 | Zom | 25 | Alt | 25 | Alr Krismasy |
| 26 | Zom | 26 | Alt | 26 | Alk | 26 | Asb | 26 | Tal | 26 | Alk |
| 27 | Asb | 27 | Tal | 27 | Zom | 27 | Alh | 27 | Alr | 27 | Zom |
| 28 | Alh | 28 | Alr | 28 | Asb | 28 | Alt | 28 | Alk | 28 | Asb |
| 29 | Alt | 29 | Alk | 29 | Alh | 29 | Tal | 29 | Zom | 29 | Alh |
| 30 | Tal | 30 | Zom | 30 | Alt | 30 | Alr | 30 | Asb | 30 | Alt |
| 31 | Alr | 31 | Asb | | | 31 | Alk | | | 31 | Tal |

NY VALOSOA VAOVAO
Adiresy : lot T 70 Ankadindratombo
Tel. 034 79 076 00
www.gvalosoa.com gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
twitter : @nyvalosoavaovao





Boriboritany faha-3 (CUA)

## Nesorina ireo mpivarotra amin'ny lalana ilany ankavanana ao Ambodivona

Nampiantso maika ireo mpivarotra ilany ankavanana manoloana ny arabe Ambodivona manomboka eo amin'ny Galana hatrany amin'ny Micro-cred, ny avy ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ao amin'ny Boriboritany fahatelo afak'omaly maraina, mikasika ny fandaminana ireo mpivarotra . Izany dia notarihan'ny Delegen'ny Boriboritany fahatelo, Hery Razafintsalama sy ireo mpiara miasa aminy ; notanterahana tetsy amin'ny birao Antaninandro. Ny votoaton'ny fihaonana dia nampahafantarina ireo mpivarotra izay tafiditra amin'ny "Rue Dr Rakotobe Raphaël", fa tsy maintsy miala eo amin' ny toerana izy ireo, izay tafiditra ny 13 metatra miala eo amin'ny fisasahan'ny arabe mankany ankavanana sy ankavia dia tsy azo ampiasaina. Nisy ny "piquet" izay efa napetraky ny kaominina ny herinandro lasa teo , mamaritra ny toerana tsy azo ampiasaina intsony ho an'ireo mpivarotra. Ny tanjona amin'izao fandaminana izao dia fanadiovana ny lalana sy ny famerenana amin'ny laoniny ny tanàna ary ny fanajana ny rafitra rehetra amin'ny lalàna misy . Marihana ihany koa fa efa nisy ireo famindrana ireo koperativa "Region Nationale" RN6 sy RN4… izay nafindra etsy Andohatapenaka. Mbola hisy ihany koa ireo fampiantsoana ireo mpivarotra ilany ankavia etsy Ambodivona.


*Ny fihaonana teo amin'ny mpitantana ny Boriboritany faha-3 sy ny mpivarotra ao Ambodivona.*

**Aly**

Boriboritany faha-6 (CUA)

## Manatsara ny anatiny sy ivelan'ny biraon'ny Boriboritany

Miroso amin'ny fanatsarana ny anatiny sy ivelan'ny birao ny teny amin'ny boriboritany fahaenina Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nanomboka ny faran'ny herinandro teo. Araka izany dia nisy ny fanadiovana sy fandalorana ary fandokoana ny birao. Teo ihany koa ny fanamboarana ny zaridaina manoloana ny birao. Marihana fa mety haharitra tapabolana eo ho eo ny faharetan'ny asa. Izao no natao dia mba ho fitsinjovana hatrany ny fahasalaman'ny olona rehetra izay mifamezivezy ao amin'ny Boriboritany hoy ny delege Fehizoro Andriamananjezika. Tafiditra indrindra ihany koa izany, ao anatin'ny vinan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, Ramatoa Lalao RAVALOMANANA dia ny fitandroana ny fahadiovana sy fanatsarana ny toeram-piasana, mba hahaliana ny rehetra hatrany ny fanaovana asa amin'ireny birao ireny.


*Ny fanavaozana ny birao ao amin'ny Boriboritany faha6.*

**Aly**

Mbola tsy hita i Andotiana

## Ho any Frantsa ny dadany hijery ny tohin'ny fikarohana

Mbola tsy hita ihany i Andotiana ilay tovovavy malagasy nianatra tany Frantsa. Efa nanao ny hetsika rehetra nanairana ny tompon'andraikitra mba hanohy ny fanadihadiana ny fianakaviany sy ireo Malagasy monina any. Izao indray dia ny dadany mihitsy no nahazo "visa exceptionnel" na visa manokana avy amin'ny ambasadin'i Frantsa, mba hahafahany mandeha any an-toerana ary hijery akaiky ny tohin'ny fikarohana azy. Mampahery ny fianakaviany rehetra izay tsy mikely soroka sy mampiasa ny fomba rehetra hitadiavana ny zanany ny gazety.

**Ny Valosoa**


*Fianakavian'i Andotiana, mbola miandry fatratra ny fahitana an'i Andotiana.*

## SARIITATRA : Fa ny hala-bato no lehibe indrindra




Nandalo Ramaka

## May ny tanànan'Amboasary Atsimo

Zava-doza no nitranga tany Amboasary sud faritra Anôsy omaly alarobia tamin'ny 3 ora maraina, nahaitra ora 3 ny faharetan'ny afo fahamaizan'ny tanàna, manomboka avy amin'ny faritra misy goudron na lalana voarakotra tara ao an-tanàna mianavaratra, kila forehitry ny afo avokoa, izany hoe ny tamin'ny faritry ny tsena n any bazary ao amin'ity renivohitry ny distrika ity. Tena mampalahelo ny zava-nitranga raha ny vaovao voaray avy any an-toerana satria nananosarotra ny famonoana ny afo, nanampy trotraka izany, tsy misy mpamonjy voina na pompier any an-toerana. Noho izay antony izay, manaitra ny mpitondra fanjakana ny any an-toerana fa tena mampalahelo ireo vahoaka traboina may trano, tsy misy ho raisina ireo vahoaka. Mbola tsy hay aloha hatreto na nisy aina nafoy na tsia fa ny fahapotehana dia tena goavana tokoa, araka ny vaovao voaray ihany, mbola tsy nisy haintrano toy izao tany Amboasary Atsimo hatramin'izay. Nandalo tany atsimon'ny nosy ve Ramaka dia may ny tanàna, mampieritreritra ihany ?!

**Ny Valosoa**


*Ny haintrano goavana tany Amboasary Atsimo omaly.*

Kaominina Ivato

## Lasa fokontany miisa 13 no mandrafitra azy

Nisongadina nandritry ny tatitra nataon'ny lefitry ny ben'ny tanànan' Ivato, Manitra Andrianjakarivony fa hovahana ireo olana samihafa nisy teny anivon'ny kaominina, ka nahatonga ny kaominina nampitombo ny isan'ny fokontany ao aminy. Raha toa mantsy ka nitambatra ny kaominina teo aloha, izany hoe ny kaominina Ivato seranana sy Firaisana, dia nitambatra izy nanomboka ny taona 2015 lasa teo. Lasa kaominina tokana izany izao izy io dia lasa hoe kaominina Ivato. Ny kaominina Ivato firaisana dia nisy fokontany enina teo aloha ary izao niampy fokontany fito izao indray ka lasa fokontany telo ambin'ny folo izany izao no mandrafitra ny kaominina Ivato. Mahamora ny asa atao io hoy ny fanazavan'ny lefitry ny ben'ny tanàna toy ny fanavaozana ny lisi-pifidianana ifotony, izay efa nisokatra tamin'iny volana desambra lasa teo iny. Tsy ireo ihany fa eo ihany koa ny fanamorana ireo asa samihafa eny anivon' ny fokontany tsirairay avy. Mandroso hatrany no tanjona raha ny nambaran'ny lefitry ny ben'ny tanàna ihany ary mila vitaina ireo fampanantenana tamin'ny fampielezankevitra nataon'ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa. Tsy io ihany, fa nandraisan'ny kaominina fepetra ihany koa ny lálam-baovao eny Tsarasaotra mipaka eny Ivato, ka tsy azon'ny môtô scooter atao ny manao fifaninanana amin'izany lálana izany, eo ihany koa ny tsy fahazoan'ny sarety mandeha amin'izany lálana izany sy ny tsy fahazoan'ny mpivarotra mivarotra amoron-dálana. Handraisana fepetra ireo izay minia mandika lalàna hoy hatrany ny fanazavana.

**Rajo**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**26/01/19 hatramin'ny 02/02/19**

- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/ 034 40 800 13
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 868-01-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

CUA SY FIMPIDERA

# Matotra ny fiaraha-miasan'ny delegen'ny mpivarotra sy ny Kaominina

Matotra ny fiaraha-miasa eo amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny mpivarotra mivondrona ao amin'ny FIMPIDERA, Fikambanana Ivondronan'ny Mpivarotra sy ny Delegen'ny mpivarotra eto amin'ny Renivohitra Antananarivo, hohatsaraina ny fiaraha-miasa, misy amin' ireo tsena no hasiana fanatsarana sy fanavoazana, ka iarahana miasa amin'ny CUA. Fantatra io nandritra ny fihaonana teo amin'ny roa tonta nandritra ny fifampiarahabana amin'ny nahatratrarana ny taona vaovao teo amin'ny solontenan' ny mpivarotra, ny delegen'ny tsena ary ny ben'ny Tanàna Lalao RAVALOMANANA ny talaata teo. Taorian'ny fihaonana, nisy ny dinik'asa teo amin'ireo tekinisianin'ny CUA sy ireto delegasiona ny mpivarotra ireto, hoentina hanatsarana ny fomba fiasa sy ny fiaraha-miasa araka ny fanazavana izay nataon'ny solontenan'ny delegen' ny mpivarotra ao amin' ny FIMPIDERA, RAHARIJAONINA Harrison Tefy.



*Ny fifampiarahabana teo amin'ny mpitarika ny CUA sy ny FIMPIDERA.*

***Aly***

Rakotomamonjy Philippe

# Ataovy malalaka ny fitrandrahana volamena

Amin'izao fitondran'i Andry Rajoelina izao dia mangataka ny fitondrana mba hijery akaiky ny fitrandrahana volamena eto amintsika ny mpandraharaha volamena, Rakotomamonjy Philippe. Io no nambarany nandritry ny fihaonany tamin'ny mpanao gazety omaly. Ny vahiny foana mantsy hoy izy no mahazo vahana eto amintsika raha io resaka fitrandrahana volamena io satria izy ireo no manambola sy fitaovana. Ny malagasy anefa hoy izy dia zara raha mahazo bitika satria tsy manana fitaovana hafa-tsy sahafa no entina manivana volamena, ka zara raha mahazo kely monja. Ao anatin'ny veliranon'ny mpitondra ankehitriny mantsy hoy izy ny fijerena manokana ny sehatry ny fitrandrahana volamena, ka tokony hotanterahin'ny fitondrana izay fampanantenana nataony izay. Aleo halalaka ny fitrandrahana hoy izy fa ny malagasy no tompon'ny harena an-kibon'ny tany fa tsy ny vahiny mpanam-bola akory. Andrasana arak' izany izay fihetsiky ny fanjakana momba ity resaka harena an-kibon'ny tany ity.

***Rajo***

Mpitantana ny Boriboritany faha-3 (CUA)

# Nifampiarahaba tratry ny Asaramanitra tamin'ny mpitantan-drano sy ny RF2

Ao anatin'ny Asaramanitra ny taona vaovao 2019 izao dia nisy ny fifampiarahabana izay nataon'ny fikambanana mpitantan-drano eo anivon'ny boriboritany fahatelo Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay ao amin'ny fokontany miisa 34 sy ny Rf2 (Rafitra Fanadiovana sy Fidiovana) , niarahaba an'ireo mpitantana avy ao amin'ny boriboritany fahatelo sy ny mpiara miasa aminy. Araka izany dia nisy ny solombodiakoho izay nomen'izy ireo ny Delege Hery Razafintsalama sy ny Lefiny ary ireo mpiara miasa aminy, mba ho marika ny fankasitrahana azy ireo sy ho fifampiarahabana. Nararaotina teo ihany koa ny fifampiarahabana nahatratra ny taona ho an'ny mpikambana rehetra niaraka tamin'ny boriboritany mba ho marika ny hafaliana sy ny fifankatiavana ary ny firaisankina sy ny fihavanana. Nisy ny sakafom-piraisana niarahana sy ny fizarana ny mamy tamin'izany . Nankasitra azy ireo ny mpitantana amin'ny fahatsiarovana izay nomeny ary nirary soa azy koa mba hahavita avo 2 heny ny asa vita tamin'iny taona lasa iny ary nanome fisaorana ny ezaka vitan'ny rehetra tamin'ny taon-dasa. Noresahan'ny Delege tamin'ny fihaonana ihany koa ny fifampitondrana amin'ny asa: toy ny fikajiana ny asa amin'ny sehatra ny rano , ny ezaka hampitombo ireo foto-drafitr'asa « borne fontaine » eny amin'ny fokontany izay mbola tsy ampy , ny famahana ny olana , ny fifampitondrana eo amin'ny fikambanana, ny fanaovana tatitra isam-bolana amin'ny asa vita, ezaka amin'ny fanatsarana ny foto-drafitr'asa, fanavaozana ireo mpikambana mpitatandrano izay tokony havaozina, ny fanentanana amin'ny fadoavana ny volan'ny Jirama ary ny fikajiana ny fahadiovana …. Izany dia notanterahana tetsy amin'ny biraon'ny Boriboritany Antaninandro ny tolankandron'ny talata teo.




*Ny Asaramanitra tao amin'ny Boriboritany faha-3.*

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 268**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0267)


***Mitsivalana***

- Fahavalo
- Alàna (Miv) – Al/a
- Niverina
- In
- Sainay (Miv)
- Niainga
- Ady – Rà

***Mitsangana***

- Fantina
- Any – Dia (Miv)
- Havanay
- Ela (Miv) – Il
- Variana
- SG
- Lany – Ar
- Olana

## TENY MIFANARAKA N° 268




**Mitsivalana**

**1.** Hazo maro tsara lahatra **2.** Karazam-by – Mampiray **3.** Tanimboly **4.** Atao amin'ny fomba fahiny **5.** Ranom-bava – Azo amin'ny voaloboka (Miv) **6.** Eo amin'ny tarehy (Miv) **7.** Tsy mahatsiaro tena (Miv) **8.** Vizana – Legioma (BR) **9.** Tsofoka – Hazandrano (Miv) **10.** Gia (Miv) – Raha ianao

**Mitsangana**

**A.** Zava-maneno – Sahala **B.** Toetra tsy mendrika (Miv) – Tsirin-teny Mpanao **D.** Toe-bolo **E.** Hita amin'ireo vehivavy tsara bika sy endrika **F.** Efatra sy iray – Ao amin'ny fery **G.** Ao amin'ny fiaraha-mientana – Tsofoka **H.** Tsy ampy sakafo – Ravo **I.** Fanampin'anarana – Tovona **J.** Fitaovana fakàna rano – Neny **K.** Tsiro – Sakoroka – Tampisaka

### Valiny Teny mifanaraka 0267

***Mitsivalana***

1 Sambatra **2.** Eny - Maka **3.** Hianao - (F)er(y) **4.** Na - Tsara **5.** Tranonareo **6.** Rataka **7.** Akaho **8.** Ray - Dika **9.** Io - Nao - May **10.** Varatra - Fa

***Mitsangana***

**A.** Sehatra - IV **B.** Any - Ro - Roa **D.** Mianatra **E.** Nana - Ino **F.** Ota - Ako (Miv) - At **G.** Kanto (Miv) - Or(a) **H.** RM - Sa - Do (Miv) **I.** AA - Mihira (Miv) **J.** Kere - Faka (Miv) **K.** Vaaray (Miv) - Aia ?

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka Hulitsoa

Ny fifampiarahaban'ny Ben'ny Tanàn'Antananarivo sy ny avy amin'ny FIMPIDERA.









Ny fivoriana niarahan'ny CUA, ny prefektiora ary ny polisim-pirenena tao Analakely momba ny fifamoivoizana.







